Professionnels de l'Agroécologie

### TOROLALANA MAHOMBY,
### HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

# FAMOKARANA RAKOTRA MATEZA AMIN'NY FAMPIDIRANA NY AMBERIVATRY, NY CROTALAIRE ARY NY MUCUNA

Ny Amberivatry sy ny Crotalaire dia legiominezy azo ampiarahana atao vadim-boly amin'ny tanimboly iray mba hahazoana rakotra matevina . Mampitombo tsara ny vokatra indrindra  raha ampiarahana amin'ny Voanemba (Niébé).

**TOMBONTSOA** :

- Manatsara ny tsiron'ny tany ary mampitombo ny vokatra
- Hahazoana vokatra isan-karazany amin'ny tanimboly iray
- Hiarovana ny nofon-tany tsy ho kaohin'ny riaka
- Entina miady amin'ny ahidratsy sy ny arema (striga)







Striga / Arema

**FOMBA FAMPIASANA IREO RAKOTRA**:

1) Volena amin'ny fotoana mahazatra ny katsaka (atao manaraka ligne) ary asiana elanelana 50 cm isaky ny lavaka (ligne katsaka roa avy hatrany no anomboana azy) ;
2) Volena ihany koa ny Voanemba (Niébé) ary asiana elanelana 50 cm miala amin'ny katsaka ;
3) Volena manaraka izay ny Amberivatry (Cajanus) na Crotalaire  ary  hajaina hatrany ny elanelana 50 cm ;
4) Averina volena amin'ny ligne hafa indray ny Voanemba  ary asiana elanelana 50 cm hatrany ;
5) Rehefa izay vao averina volena ny katsaka ary lavaka roa toa ny teo aloha ihany no atao ;
6) Rehefa manomboka otazana ny voanemba (mi-janv) dia sosohana mucuna eny anelanelan'ny katsaka efa manomboka mibaby mba hahazoana rakotra matevina (jereo ny sary eo ambany).

